

# TAHIRY

SERASERAN'NY TAHIRIM - BOLAM - PANJAKANA

Bulletin mensuel d'information et de liaison de la Direction Générale du Trésor

Numéro 16



FEVRIER  
2012

## Trésorerie Municipale Antananarivo : Tsy vato misakana ny fampandrosoana ny tanàna

**T**ompon'andraikitra voalohany mi-sahana manokana ny fitahirizana ny volan'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra ny Trésorerie Municipale Antananarivo (TMA). Izy no miantoka ny fanatanterahana ny teti-bolan'ny tanàna eo amin'ny famoahana sy ny fampidira-na ny volam-bahoaka, araka ny didim-pitondrana laharana 1045-FIN/CP tamin'ny 17 aprily 1963. Fehezin'ny lalàna manan-kery eo amin'ny sehatry ny fitantanana sy fampiasana ny volam-bahoaka ny TMA. Teknisiana avy aty amin'ny Tahirim-bolam-panjakana ny mpiasa ao aminy. Nahavita fiananana ireo mpitan-kaontim-panjakana miasa ao. Noho izany dia miantoka amin'ny anaran'ny tenany manokana sy ara-bola ny fitantanana rehetra sahaniny izy ireo (responsabilité personnelle et pécuniaire). Tsy maintsy tsarina isan-taona any amin'ny « Cour des Comptes » ny asan'izy ireo.

Hentitra ny mpitan-kaontim-panjakana ao amin'ny TMA amin'ny fanaraha-maso sy ny fikajiana ny vola fikirakira amin'ny sora-bola isan'andro. Toy izany koa ireo sokajim-pandaniana maro voasoratra ao amin'ny teti-bolan'ny tanànan'Antananarivo. Tsy maintsy arovana ny fitantanam-bolam-bahoaka tsy hivoaka ny fehin'ny lalàna velona eto Madagasikara.

Anisan'ny olana iray tena manahirana ny mpitan-kaontim-panjakana tokoa ny fioavaon'ny mpitantana ara-pôlitika sy ara-pandraharahana ny tanàna. Izy ireo mantsy no mifehy sy tompon'ny fanapahan-kevitra amin'izay fandaharan'asany sy izay heveriny fa fampandrosoana ny tanàna rehefa neken'ny Filan-kevitra ny tanàna izany. Ny paikady itondrana sy ampandrosoana ny tanàna no mety samy hanana ny azy ireo mpitondra nifandimby. Ny fitantanana ny volam-bahoaka sy ny didy aman-dalàna kosa

dia mijanona ho adidy sy andraikitra ny Tahirim-bolam-panjakana ihany ary izany dia ataony ao anaty fehin'ny didy aman-dalàna manan-kery. Manoloana izany fifandimbiasan-toerana izany indrindra no itrangan'ny olana satria adino matetika ny fitohizan'ny fampandehanan-draharaha. Ohatra amin'izany ny trosa nidiran'ny mpitondra teo aloha, izay tsy maintsy tohizan'izay mandimby toerana ny fanefana azy. Matetika anefa izy ireny dia tsy laharam-pahamehan'ny aty aoriana ka mametraka olana. Mitarika fahasahiranana ho an'ny mpitan-kaontim-panjakana izany satria maro ireo mpitantana teo aloha tsy mametraka na dia ny adiresiny aza ka tsy hita izay olona hanao sonia ny antontan-taratasy mbola tsy nifarana. Olana goavana ihany koa ny fitantanana ny mpiasa, samy manararaotra sy mampiditra mpiasa avokoa ireo mpitondra mifandimby ary ireny mpiasa ireny dia mijanona ho mpiasa raikitra ka lasa vesatra ho an'ny teti-bola. Ny 60%-n'ity farany dia lany amin'ny fandoavana ny karaman'ny mpiasa raha tokony ho ny fanadiovana sy ny fampandrosoana ary ny fanatsarana ny tanàna no hibahan-toerana amin'izany. Araka ny lalàna dia tsy maintsy misy ny vola azo ampiasaina (fonds libre) vao afaka mamoaika vola. Tsy maintsy aloa anefa ny karama isam-bolana ka ny mpitan-kaontim-panjakana no mitady ny fomba rehetra hampifandanjana izany vola mivoaka izany amin'ny vola miditra.

Sarotra ho an'ny TMA ny fampanajana ny lalàna. Tena « *akaiky vilany, feno arina* » tokoa izy ireo satria tsy maintsy mandamina izany fitantanana izany hanaraka ny lalàna. Mampifandanjana matetika ireo fandaniana tokony hatao isan-taona nefa tsy voasoratra ao anatin'ny teti-bola. Toy izany koa ireo taratasy fanamarinana



takian'ny lalàna amin'ny fampiasana ny volam-bahoaka nefa tsy voahaja, indrindra ny mahakasika ny « caisse d'avances » sy ny fividianana entana eny amin'ireo mpivarotra eny amin'ny sehatra tsy aradalàna (secteur informel) izay tsy manome fakitiora. Misy fiantraikany lehibe amin'ny toe-bolan'ny tanàna ireny na dia heverina fa fandaniam-bola madinika aza ka tokony hampiharana ny lalàna.

Fehiny, miaro ny fitantanana ny volam-bahoaka eto Antananarivo mba tsy hivoaka ny valan'ny lalàna mifehy azy ny TMA. Sanatria, tsy misakana ny fampandrosoana ny tanàna izany. Vao mainka aza mampirindra sy manatsara ny kalitaon'ny fitantanana. Mijoro hatrany amin'ny maha mpanolo-kevitra azy ny Tahirim-bolam-panjakana; amin'ny alalan'ny TMA. Afaka manome vahaolana izy ka anjaran'ny mpitondra ny misafidy izay heveriny fa mifanandrify amin'ny tanjona kendreny sy ny fandaharan'asany. Raharaha sarotra ny fitantanana ny volam-bahoaka ka ilana fifampidinihana, fifandresen-dahatra, fahamalinana ary fahamatorana eo amin'ny roa tonta. Mifameno ny asan'ny mpitondra sy ny mpitan-kaonty fa tsy sanatria mifanipaka akory.

▲ Juliette RASAONINA RASOAFARA  
Trésorier Municipal

## SOMMAIRE

Ny Trésor sy ny tantarany	P. 2
ACPDC Pretoria : Tafapetraka ny « Agent comptable » vaovao	P. 2
<b>CHRONIQUE</b>	
Combien nous coûtent nos ambassades ?	P. 3
La Direction des Etudes fait peau neuve	P. 7
<b>VAHINIINTSIKA</b>	
Niry RASAMOELIMIHAMINA Talen'ny SAMVA	P. 8
<b>SIRAMA</b>	
Vers un retour progressif à l'autonomie	P. 10
<b>DGT-IMaTeP :</b>	
Signature de trois conventions	P. 11
<b>Formation en assurances des cadres de la DGT</b>	P. 11
<b>Coopération Madagascar - BAD</b>	
Un autre don de 1 million USD	P. 11
<b>Accords PE III additionnel – Banque Mondiale :</b> Adoption des projets de Lois de ratification	P. 11
<b>Kitra DGT</b>	
Ny ekipan'ny RGA no nibata ny amboara	P. 12
<b>AKON'NY TAOM-BAOVAO</b>	
<b>TG Antsirabe</b>	P. 12
<b>TG Mananjary</b>	P. 13
<b>TG Sambava</b>	P. 13
<b>TG Mahajanga</b>	P. 13
<b>TG Morondava</b>	P. 13
<b>AFIT :</b> Les nouveaux membres du bureau	P. 16

## INVITÉ DE L'ÉCONOMIE

Roger RANAIVOSON  
DG de Ny HAVANA P. 9-10

## Taom-baovaon'ny mpiasa : Ambiansy teny amin'ny Krypton Pejy 14-15



## Faites connaissance avec la Trésorerie Municipale

Pages 4-6



## TSIAHY

## Ny Trésor malagasy sy ny tantarany

Fizarana 17

Mitohy amin'ity Tahiry 16 ity ny anjara asan'ny « Trésorerie Préfectorale » sy ny « Perception des Finances » ary ny sampandraharahan'ny « Finances Extérieures » nandritra ny vanim-potoanan'ny Repoblika Voalohany.

Ny « Trésorerie » teto Antananarivo no nisahana ny fanangonana ireo « opérations » rehetra avy tany amin'ireo « Trésoreries » hafa manerana ny Nosy. Anisan'ireo asa niandraiketany ny

fifandraisana amin'ny « Payeur de la République Française ». Andraikitra ny « Trésorerie » ihany koa ny fifanankalozana teo amin'ny Trésor malagasy sy ny Trésor frantsay. Marihina fa mbola niankindoha betsaka tamin'ny Frantsay hatrany ny toekarena Malagasy nandritra ny Repoblika voalohany.

Teo ambany fahian'ny « Trésoreries » ihany koa ireo « Perceptions des Finances » tany



Ireo mpitan-kaontim-panjakana tamin'ny taona 1967

amin'ny faritra manerana an'i Madagasikara. Ny « Perceptions des Finances » no nanangona ny hetra mivantana sy ny haba rehetra. Izy ireo koa no nanangona ireo karazana lamandy sy vola azo avy amin'ireo onitra maro samihafa (Condamnations pécuniaires). Andraikitr'ireo « Perceptions » ny fandoavam-bola sy ny fitantanana ny kaontin'ireo kaominina misy azy.

Ankoatra ny sampandraharahan'ny Fitan-kaontim-panjakana

dia ny « Finances Extérieures », izay fantatra amin'ny anarana hoe FINEX kosa no sampandraharaha lehibe faharoa teto amin'ny Trésor. Ny FINEX no nisahana sy nanara-maso ny fifanankalozana ara-bola iraisam-pirenena. Io sampandraharaha io koa no namolavola sy nampihatra ny lalàna mifehy ny fifanankalozambola, sady nanome fahafahana manokana na « dérogations » momba ny fanakalozambola vahiny.

▲ Nangonin'i Rivolala RANDRIANARIFIDY  
Tahirin-tsary: ANTA



Ireo mpiasan'ny Trésor manara-maso ireo « opérations » tamin'ny taona 1965

## ACTUALITÉS

## ACPD Pretoria

## Tafapetraka soa aman-tsara ny « Agent comptable » vaovao

Tontosa ny 31 janoary 2012 lasa teo ny fifamindran-pitantana teo amin'Atoa Samson RAZAKARIA, Agent Comptable any Cape Town, nisolo toerana vonjimaika ny Agent Comptable tao amin'ny Masoivohon'i Madagasikara ao Pretoria, Afrika Atsimo, sy Rtoa Honorine RASOLOMALALA, Agent comptable vaovao. Solontena anankiroa avy aty amin'ny Fobem-pitondran'ny Tahirim-bolampanjakana no nanatanteraka izany rehefa avy namita ny asa samihafa nanirahana azy izy ireo. Ny marai-

nan'ny 01 febroary dia efa nandray ny toerana maha tompon'andraikitra voalohany azy eo anivon'io sampandraharahan'ny Tahirim-bolampanjakana iray io Rtoa Honorine RASOLOMALALA. Marihina moa fa izao famindran-toerana izao dia tafiditra tanteraka ao anatin'ny politika fanatsarana ny fitantanana sy ny kalitaon'ny kaontim-panjakana apetraka eto anivon'ny Tahirim-bolampanjakana.

Azo lazaina fa « poste carrefour » ao Afrika ny Masoivohon'i Madagasikara ao Pretoria. Noho izany,

betsaka ny mpamita iraka tonga any ; betsaka torak'izany ihany koa ny faneriterena mety hataon'ny tompon'andraikitra ambony na mpanao politika mandalo any antoerana amin'ny famoaham-bola tsy manaraka ny didy aman-dalàna mifehy ny fitantanana ny volam-bahoaka. Entanina hatrany anefa ny « agent comptable » vaovao mba ho malina mandrakariva amin'ny asany satria izy no tompon'andraikitra voalohany amin'ny volam-bahoaka izay tantaniny ary izy ihany koa no tompon'andraikitra farany



Rtoa Honorine RASOLOMALALA,  
Agent comptable vaovao

hamaharan'ny fanjakana raha toa ka misy tsy fanarahan-dalàna eo amin'izany fitantanany izany.

▲ Hanitra RANDRIANIRINA

Chers lecteurs et lectrices,  
Pour des raisons techniques, la rubrique **TRIBUNE CULTURELLE** réapparaîtra dans la prochaine édition de TAHIRY.

## CHRONIQUE

## Combien nous coûtent nos ambassades ?



Les Représentations Diplomatiques et Consulaires ont pour mission, entre autres, d'assurer une présence de notre pays auprès d'un pays hôte. Cette présence suppose d'une part, une coordination de la coopération entre les deux pays dans tous les domaines, et d'autre part, un encadrement et une assistance des ressortissants Malagasy résidents et/ou de passage dans ce pays.

Ainsi, il appartient à nos Représentations de faire connaître Madagascar et de lui donner une bonne image en vue d'une éventuelle coopération entre les deux pays. Cette coopération peut se présenter sous différentes formes : économique, culturelle, sociale, éducative, technique, le but étant de promouvoir Madagascar. C'est une mission plus qu'importante car sans aucun doute, une bonne Représentation Diplomatique contribue à un développement rapide de l'économie du pays.

Afin de pouvoir assumer efficacement ses missions, un budget est alloué à chaque Représentation. Toutefois, la question est de savoir si l'efficacité de nos Représentations Diplomatiques est proportionnelle aux charges qu'elles engendrent.

Au titre de l'année 2011, le Trésor Public a été contraint de déboursier l'équivalent de plus de 30 millions USD, soit plus de 60 milliards MGA, pour les dépenses à l'extérieur. Cette somme représente les dépenses de solde et de fonctionnement des 23 Représentations Diplomatiques et Consulaires. Le salaire du personnel à l'étranger (*émargeant au titre du Budget Général et ECD*) absorbe 86% de cette somme, alors que la norme de bonne gestion est de 50% au plus ; le loyer des immeubles de bureau et de logement est de l'ordre de 2%, et les frais médicaux sont de 1.5%. Pour les exercices précédents, le montant de devises transférées dans nos Représentations était respectivement de plus de 43 millions USD pour l'année 2009, et de 40 millions USD pour l'année 2010.

#### POLITIQUE D'AFFECTATION INAPPROPRIÉE

Force est de constater que la politique de recrutement des personnes spécifiques et ayant le profil requis pour un poste et/ou une fonction fait défaut auprès de nos Représentations Diplomatiques et

Consulaires. Certaines Représentations disposent, par exemple, de deux chauffeurs et de deux femmes de chambre ainsi que de trois secrétaires alors que, d'autres Représentations ne disposent même pas d'un secrétaire. De même, une Représentation dispose de sept Conseillers alors que non seulement sa mission ne justifie point la nécessité d'autant de Conseillers ; mais en plus, la moyenne pour les autres Ambassades est de trois à quatre Conseillers.

Ainsi, l'on observe un sureffectif de personnel et des fonctions mal définies. Il en est de même pour l'attribution d'une fonction non conforme au grade de l'intéressé. A titre d'exemples, un professeur licencié occupe la fonction de chauffeur, un magistrat ou un administrateur civil occupe des fonctions n'ayant aucun lien avec leur vocation.

Inversement, il est navrant de constater que des agents contractuels occupent la fonction de Conseillers d'Ambassade alors que bon nombre de fonctionnaires du corps diplomatique, spécialistes et formés dans ce domaine, sont toujours en attente d'un poste dans une Représentation Diplomatique ou Consulaire.

Nous ne sommes plus étonnés de voir dans la liste du personnel des Ambassades (*ou Consulsats*) des membres de la famille de politiciens Malagasy. La question est de savoir si ces personnes ont été admises selon leur compétence ou selon des critères spécifiques et personnels.

Cependant, le cas des fonctionnaires fantômes est le plus alarmant. Leur existence est, dans la plupart des cas, connue des Chefs de Mission, mais aucune mesure de redressement n'a été prise ni pour les sanctionner, ni pour les radier. La complexité en est-elle la raison ou est-ce une dilution de responsabilité dont le but est de « ne pas déranger pour ne pas être dérangé » ?

Au vu de la certification du service faite signée par les Chefs de Mission, les Agents Comptables se voient dans l'obligation de payer les salaires de personnes qu'ils ont pourtant rarement, voire jamais vues dans leur Représentation.

#### PERSONNEL RICHE POUR UN PAYS PAUVRE

Le salaire du personnel à l'extérieur est basé sur l'indice du fonctionnaire auquel s'applique le taux d'indexation. Il est à noter que, ce taux varie d'un pays à un autre en fonction de la cherté de la vie. Le montant en Ariary ainsi obtenu est divisé par le taux de chancellerie (à peu près 65% du taux bancaire). De ce fait, le salaire représente une somme importante tant pour le budget que pour la trésorerie de l'Etat.

En effet, un Ambassadeur malgache gagne largement plus que les Ambassadeurs de certains pays d'Europe dont

le salaire minimum mensuel se chiffre à 14 000 EUR. Un cadre malgache à l'étranger peut percevoir plus qu'un Secrétaire d'Etat français dont la rémunération brute est chiffrée à 11 000 EUR par mois. Un chauffeur malgache peut gagner plus qu'un sortant de HEC avec 3 ans d'expérience, lequel perçoit en moyenne 54 500 EUR par an. Par ailleurs, des personnes issues des corps des fonctionnaires ayant un statut particulier, perçoivent des émoluments dépassant largement celui du Chef de Mission, grevant ainsi lourdement le budget de la Représentation. Nous nous demandons parfois la nécessité de telle richesse intellectuelle à l'étranger !

#### MAUVAISE GESTION FINANCIÈRE ET PRESSION SUR LES COMPTABLES PUBLICS

Le montant du crédit de fonctionnement hors solde alloué à nos Représentations s'élève à 4,27 milliards MGA pour l'exercice 2012, ce qui représente 8.92% des crédits du Ministère des Affaires Etrangères. C'est la raison pour laquelle nos Représentations ne cessent de se plaindre des crédits qui leur sont alloués malgré le fait qu'elles soient exonérées de droits et taxes fiscales.

La seule voie de recours face à cette insuffisance était, en 2011 et antérieur, l'utilisation par les Chefs de Mission des moyens de pression pour contraindre les comptables publics à payer des dépenses sans crédit ouvert ou en dépassement de crédit, engageant ainsi la responsabilité personnelle et pécuniaire de ces derniers. Si un comptable refuse, il est considéré comme un blocage dans l'accomplissement des missions diplomatiques. Il en est de même lorsqu'il ne paye pas les dépenses inéligibles, sans titre de règlement, des missionnaires de passage dans les Représentations ou les dépenses personnelles des Chefs de Mission.

C'est le cas par exemple de l'Agent Comptable à Paris qui a dû suspendre le paiement des factures de carburant pour cause d'insuffisance de crédit. En effet, le montant des factures de carburant payées jusqu'au mois de novembre 2011 représente presque le triple du crédit ouvert. Ce fut également le cas de l'Agent Comptable à l'île Maurice qui, pour les mêmes raisons d'insuffisance de crédits, a suspendu lesdites dépenses, ce qui lui a valu une lettre du Chef de Mission et du Ministère des Affaires Etrangères demandant son limogeage, une situation que le Trésor Public ne sera jamais en mesure d'accepter. En effet, le Trésor Public ne prend des sanctions que sur la base des fautes techniques ou professionnelles.

L'insuffisance de crédit résulte-t-elle d'une mauvaise programmation budgétaire et financière ou d'une méconnaissance des règles de la comptabilité publique ou tout simplement d'une di-

lapitation ? Nous réitérons que les règles de gestion publique sont les mêmes que ce soit à Madagascar ou dans ses Représentations extérieures.

#### QUID DE L'EFFICACITÉ DE NOS REPRÉSENTATIONS ?

En considérant des critères de performance tels que le nombre de touristes ou des investisseurs venant des pays hôte, ou encore le volume des exportations des produits malagasy destinés auxdits pays... nous nous posons la question sur l'efficacité de nos Représentations par rapport à ce nombre pléthorique d'agents et aux demandes d'allocation supplémentaire de crédit de fonctionnement. Ainsi, il serait louable de définir un contrat programme entre l'Etat et ses Représentations Extérieures. Ce contrat va définir les objectifs de chaque Représentation et les moyens nécessaires, tant matériels qu'humains, dont elle aura besoin pour leur réalisation. De ce fait, la gestion axée sur les résultats mérite d'être appliquée dans toutes les Représentations Diplomatiques ou Consulaires.

Ainsi, l'évaluation de la performance de chaque Représentation sera fixée en fonction du rapport coût-avantage. Comme le coût est fixé dans les Lois de Finances annuelles, l'appréciation des avantages se fera en fonction du taux de réalisation des objectifs fixés dans le contrat programme. Une hiérarchisation et une priorisation de ces objectifs sont les outils clés du rendement des missions diplomatiques pour le pays. Tout écart dans la réalisation du programme nécessite un changement de stratégie diplomatique et financière.

Par ailleurs, une bonne gestion financière exige, des principaux responsables, un minimum de connaissances en finances publiques, ce qui est loin d'être le cas pour la majorité des Chefs de Mission. Afin de préserver les finances de l'Etat, l'ordonnateur et le comptable doivent tenir chacun une comptabilité séparée, à savoir la comptabilité administrative et la comptabilité de l'Etat.

Enfin, il faut professionnaliser le métier au sein de nos Représentations Diplomatiques et Consulaires et ce, en bannissant la politique de clientélisme et de népotisme lors du recrutement du personnel. De même, nous préconisons que ce soit le besoin qui dicte un recrutement et non l'inverse. En effet, il faut bannir le fait de créer un poste juste pour recruter un membre de la famille.

Arrêtons la gabegie, il est temps de redynamiser nos actions sereinement et efficacement. Le chemin est difficile et parsemé d'embûches mais il faut oser crever l'abcès et regarder la réalité en face. Réagissons ensemble dans l'intérêt sacré de notre Nation.

## GÉNÉRALITÉS

## Faites connaissance avec la Trésorerie Municipale Antananarivo (TMA)

## Historique

La création du poste et la dénomination des attributions du Trésorier Communal sont stipulées dans l'Arrêté n° 1045/FIN/CT du 17 avril 1963 publié dans le JO n°285 du mois d'avril 1963, p. 1061.

Depuis sa création en 1963, la Trésorerie Municipale Antananarivo (TMA) a connu successivement comme chefs de poste Messieurs RAMAROSANDRATANA, Emile RAZAFINDRAINIBE, Edmond RAMALANJAONA, Eloi Claude RAKOTONDRA-MANANA, Alexandre RAZAFIMANDIMBY, Benjamin RAZAFIMANDROSO, Jacobson ANDRIAMANANTENA, Marcel RABENAIVO et Madame Juliette RASAOININA RASOAFARA.

Jusqu'en 1972, le poste comptable était basé à Analakely dans l'ancien bâtiment de l'Hôtel de Ville et depuis, il a été transféré à Tsimbazaza.

## PERSONNEL DE LA TMA

En totalité, la TMA dispose de 23 agents dont 17 sont des agents du Trésor et 6 des agents détachés de la Commune Urbaine. La moyenne d'âge est de 47 ans étant donné que 10 agents ont plus de la cinquantaine, 07 agents plus de la quarantaine et seulement 06 agents ont moins de 40 ans. Il est donc nécessaire de procéder à un recrutement massif de nouveaux agents dans les 10 ans à venir.

▲ Juliette RASAOININA RASOAFARA


## Missions et classification

La TMA est un poste comptable exécutant en totalité le budget communal aussi bien en recettes qu'en dépenses.

Le nouveau classement du poste comptable de la TMA a suscité des divergences et a fait couler beaucoup d'encre tant sur le plan politique que social. L'arrêté 2680/2008- MFB/SG/DGT/DCP/SCP du 31 janvier 2008 portant classement de chaque poste comptable supérieur géré par les comptables publics stipule le classement des postes en fonction de la structure administrative actuelle. Selon l'organisation administrative en vigueur, la Paierie Générale d'Antananarivo (PGA), l'Agence Comptable Centrale du Trésor et de la Dette Publique (ACCTDP) et la Recette Générale d'Antananarivo (RGA) sont classées en première catégorie. Les Trésoreries Générales (TG) des anciens chefs lieux de Province sont classées en deuxième catégorie. Les Trésoreries Générales des nouveaux chefs lieux de

Région sont classées en troisième et quatrième catégories. Les Trésoreries Principales (TP), l'Agence Comptable Centrale des Postes Diplomatiques et Consulaires (AC-CPDC) ainsi que la TMA sont classées en cinquième catégorie.

Cette remarque a été mise en exergue pour que nos politiciens ne véhiculent plus cette disposition réglementaire à des fins politiques mettant en jeu le fonctionnement général de l'administration. En effet, depuis la publication de la nouvelle classification des postes comptables constituant le réseau comptable du Trésor Public, l'insertion de la TMA à la cinquième catégorie a défrayé la chronique. Beaucoup de gens estiment que la gestion des opérations budgétaires de la Ville d'Antananarivo, pourtant dotée d'un statut particulier et classée Commune Urbaine hors catégorie, par un poste comptable de cinquième rang est à la fois inappropriée et inacceptable. La récupération politique de cette



disposition technique mérite un éclaircissement afin de dissiper une bonne fois pour toutes les zones d'ombres.

Il ne faut pas perdre de vue que la Ville d'Antananarivo Renivohitra est la seule et unique Commune Urbaine dans toute l'île à être dotée d'un poste comptable fort d'un personnel de 24 agents entièrement affectés à l'exécution de son budget, par la Direction Générale du Trésor. En tout cas, cette classification purement technique n'a rien à voir avec l'importance de la Commune Urbaine d'Antananarivo vis-à-vis des autres collectivités respectives. Elle a pour objet de les distinguer suivant leur taille, le nombre de budgets gérés et le volume des opérations qui leur sont assignés, et de déterminer en conséquence le niveau de responsabilité des comptables publics chargés de la gestion des postes.

En ce qui concerne la TMA, elle n'exécute qu'un seul et unique budget, celui de la CUA.

## Les problèmes

Vu l'évolution fulgurante de la technologie de pointe en informatique, les matériels utilisés par la TMA s'avèrent vétustes voire archaïques par rapport à ceux des autres postes comptables mais elle ne baisse pas les bras. Même si la TMA se situe en pleine ville d'Antananarivo, elle ne dispose pas de connexion Internet lui permettant de communiquer avec le réseau du Trésor Public, notamment en ce qui concerne la mise à jour des réglementations en vigueur. La fonction de comptable public est un métier à risque nécessitant un besoin perpétuel d'information.

▲ Lova RAMASIMAHAVOLA

## GÉNÉRALITÉS

## Ses différentes divisions

## DIVISION DE LA COMPTABILITÉ

La division de la comptabilité centralise toutes les opérations du poste. Elle est responsable de la production des situations comptables (i) journalières (situation des fonds libres, ...), (ii) hebdomadaires (notes d'accord de la Banque Centrale et du CCP, ...), (iii) mensuelles (balances, transferts, ...), et (iv) annuelles (pièces de

gestion relatives aux comptes de tiers, balances définitives ...).

La division s'occupe également (i) de la production des états de développement de solde des comptes de tiers, (ii) du virement bancaire, (iii) du suivi des caisses d'avances et (iv) du versement des chèques remis à l'encaissement.



La Division de la Comptabilité


## DIVISION DES DÉPENSES

Celle-ci se charge de l'exécution des opérations de dépenses autorisées dans le budget de la Commune Urbaine d'Antananarivo, à savoir : (i) le traitement des soldes des employés municipaux (avancements, cotisations sociales), (ii) le remboursement des frais médicaux, (iii) les rentes viagères, (iv) le règlement des fournisseurs de la Commune Urbaine d'Antananarivo. Elle veille à l'application stricte des réglementations en vigueur, notamment le suivi des

paiements des marchés à commande et des régularisations des caisses d'avances.

Notons que la CUA est parmi les plus grands employeurs de la Région d'Analamanga, secteurs public et privé confondus, avec un effectif avoisinant les 3400 agents.

D'une manière générale, la rigueur dans la vérification des dossiers de mandatement a eu des répercussions positives au niveau de l'Ordonnateur. L'évolution des taux de rejet des trois dernières



années atteste que la Commune Urbaine d'Antananarivo a fait des efforts concernant la régularité des dossiers de mandatement

avant même leur émission pour paiement à la TMA.



La Division des Recettes

## DIVISION DES RECETTES

Elle assure principalement le suivi des recettes de la CUA, les comptabilise suivant leurs comptes d'imputation respectifs. Elle demande la régularisation des ordres de recettes puis établit le compte de gestion. Elle suit et contrôle les opérations des 29 régisseurs. Elle tient la comptabilisation des valeurs fiduciaires et la production des balances y afférentes. Par ailleurs, elle suit et contrôle en particulier le versement des recettes par les 29 régisseurs de la CUA.



L'équipe de la Caisse

## DIVISION DES COMPTES DE GESTION

Cette division quant à elle s'occupe de la centralisation, de la préparation et de l'envoi des pièces justificatives auprès du Tribunal Financier. Elle s'efforce de respecter les délais impartis pour la production des comptes de gestion et l'envoi trimestriel des pièces justificatives. La production annuelle des documents généraux est en revanche confrontée aux problèmes de non production des comptes administratifs depuis 2007 par le service ordonnateur auprès de la CUA.



Les Divisions des Dépenses et des Comptes de Gestion

## CONTACT TMA

Bâtiment B,  
Commune Urbaine  
d'Antananarivo

Rue Fernand Kasanga,  
Tsimbazaza

Tél : 034 07 620 59

## GÉNÉRALITÉS

## Le saviez-vous ?



## Impôts Fonciers : Quid des réformes ?

En vertu de la Circulaire interministérielle n°1298/2007-MPRDAT/MFB/2007 du 16 avril 2007, les Impôts Fonciers sur les Propriétés Bâties (IFPB) exercices 2007 et antérieurs étaient recouverts par les Perceptions Principales implantées dans la Capitale. Depuis l'année 2008, ils sont payés auprès des régisseurs de la CUA au niveau de chaque Bureau d'Arrondissement. Rappelons que l'IFPB constitue la principale source de revenu de la CUA.

Il importe également de noter que la TMA a apporté son appui auprès des décideurs de la CUA en ayant procédé à la formation de tous les

régisseurs de chaque Arrondissement. Ces derniers font par ailleurs l'objet d'un suivi permanent aussi bien par l'ordonnateur de la CUA que par la TMA, l'objectif étant d'améliorer leur efficacité à travers le taux de recouvrement réalisé. En outre, des efforts de communication ont été fournis de concert avec la CUA pour sensibiliser les contribuables. L'évolution de la situation est satisfaisante dans la mesure où une amélioration de la lisibilité et de l'harmonisation des informations comptables produites par les régisseurs a été enregistrée.


▲ Lova RAMASIMAHAVOLA

Le tableau de recouvrement des IFPB et ROM

Gestion	Nature	Prévision budget	Recouvrement effectué	Taux de Recouvrement
2009	IFPB	6 308 514 000,00	2 264 580 825,8	35,90 %
	ROM	4 305 510 000,00	1 529 561 992,1	35,53 %
2010	IFPB	5 553 602 000,00	2 567 718 760,4	46,24 %
	ROM	3 970 165 000,00	1 701 378 897,6	42,85 %
2011	IFPB	5 688 911 000,00	3 282 068 113,2	57,69 %
	ROM	4 001 730 000,00	2 093 349 451,4	52,31 %

IFPB : Impôts Fonciers sur les Propriétés Bâties  
ROM : Redevance sur les Ordures Ménagères

Evolution des recouvrements (IFPB et ROM) par rapport aux prévisions



## Cellule d'Inspection : Iraka tsy ilaozan'olana

Sampana iray natokana hanaramaso ny « régie » misy eto anivon'ny tanànan'Antananarivo ny « Cellule d'Inspection ». Ireo « régisseurs de recettes » mitaky vola amin'ny anaran'ny CUA izay miisa 29 ankehitriny dia eo ambany fanaraha-masonry avokoa. Tafiditra amin'ny asa sahanin'ny « Cellule d'Inspection » ny fanoroana sy ny fanatsarana ary ny fampitoviana ny fomba fiasa eny amin'ny « régie ». Ny tanjona dia ny hanamorana ny famakiana ny antontan-taratasy sy ny fanaovana ireo antontan'isa ilaina rehefa tonga aty amin'ny « Trésorerie Municipale Antananarivo » (TMA) ny kaonty rehetra.

Tsy misy valaka amin'ny fisafoana ataon'ny « poste comptable » sasany ny fisafoana ataon'ny « Cellule d'Inspection » eto amin'ny TMA, eny amin'ny toerana azo lazaina fa mafana toy ny tsena eny Anosibe, Andravoahangy, Analakely. Ny fidinana eny anivon'ireny tsena ireny no tena misy olana mafy tsy maintsy sedraina. Matetika dia misy ny fihetsika miharo fandrahonana avy amin'ireo olona tsy nahazo alalana kanefa dia mitaky vola amin'ny mpivarotra. Nisy mi-hitsy aza ny fanaparitahana rosia sandoka nanerana ny tsena ka na-



Ireo mpikambana ao amin'ny « Cellule d'Inspection »

hatonga ny « Cellule d'Inspection » nanaitra ny tompon'andraikitra rehetra voakasik'izany mba handray fepetra tsy misy hatak'andro. Tsy mora ny nahitana ireo hosoka ireo satria dia nitety tsirairay ireo mpivarotra mba hitaky ireo rosia eo ampelatanan'izy ireo ary nandihady ny tompon'andraikitra ny tsena sy ny « régie » ny « Cellule d'Inspection » nandritra ny andro maromaro.

Manahirana koa ny fijerena ny fampidiram-bola eo anivon'ny foto-drafitr'asa sasantsasany toy ny « Parking », « Bouffe Mobile », ... Ny fitantanana azy ireny maintsy dia nankinin'ny fiadidiana ny tanàna nifandimby amin'ireo fikambanana tanora eo amin'ny

manodidina. Ny olana anefa dia giazan'ireny fikambanana ireny ny vola miditra rehetra na dia ny tanàna aza no miantoka manontolo ny fikojakojana ireo foto-drafitr'asa ireo. Volam-bahoaka ary fananam-bahoaka araka izany no voakasika, hany ka tafiditra tsara ao anaty anjara andraikitra ny « Cellule d'Inspection » ny fanaraha-maso ny fidiram-bola eo anivon'izy ireny. Na dia eo aza ireo sedra ireo dia tsy nihemotra ny « Cellule d'Inspection ». Mba ahafahana manantontosa an-tsakany sy an-davany ny iraka sasantsasany nankinina tamin'ireo mpikambana ao aminy dia voatery naka mpitandro filaminana hiaro azy izy ireo.

▲ Lova RAMASIMAHAVOLA

## LISITRY NY « RÉGIE DE RECETTES »-N'NY CUA

- (i) Etats civils : 6 Arrondissements,
- (ii) IFPB : 9 Régisseurs répartis dans 6 Arrondissements,
- (iii) Fourrière de la Police Municipale et Droits divers,
- (iv) Droits aux halles et marchés municipaux,
- (v) Loyers-Cité Soavinandriana,
- (vi) Taxes sur les vélomoteurs et tandem,
- (vii) Droits de stationnement,
- (viii) WC et douches publiques et Terrains d'inhumation,
- (ix) Amendes et Fourrière constatées par la Police Nationale sise au Commissariat Central, CSB, BMH,
- (x) Abonnement Box et Pavillons,
- (xi) Produits de vente de capacités et licences,
- (xii) Fêtes et spectacles, Kiosques, Parkings et Publicités.

## ACTUALITÉS

# La Direction des Etudes (DE) fait peau neuve

Le « relooking » de la Direction des Etudes (DE) a été effectif depuis le 12 janvier 2012 ! Sept nouvelles têtes sont venues étoffer la grande équipe de la direction, étant donné les nouvelles attributions qui lui sont désormais confiées. Cette restructuration entre dans le cadre des réformes initiées par le Trésor Public. Elle consiste en

des notes de conjoncture. Les études effectuées par le service auront pour objectifs de mieux cerner l'évolution de la situation économique du pays et d'éclairer davantage les Autorités Supérieures dans leur prise de décision en matière budgétaire, économique et financière.

En outre, les dossiers contentieux de la Direction Générale



Le nouveau local de la Direction des Etudes à Antsahavola



Service des Statistiques et des Analyses Economiques

la spécialisation de certaines tâches et en la diversification des compétences de la direction en vue de renforcer son rôle transversal lié à sa mission. De tels objectifs nécessitent des moyens adéquats notamment en termes de local de travail. Le nouvel immeuble, à l'image de la Direction Générale, privilégie la qualité de l'accueil du public, le renforcement de la sécurité et les conditions de travail des agents. Effectivement, la DE occupe actuellement les locaux de l'ex-AGEPMF, plus spacieux sis à Antsahavola, après les travaux de réhabilitation qui s'imposaient.

## DE NOUVEAUX ENJEUX .....

Le Service Statistiques et Analyses Économiques intensifiera les travaux d'exploitation et d'analyse des données relatives aux secteurs économiques et financiers. Il ne se limite plus à l'analyse de la situation relative à l'exécution de la loi de finances (analyse des écarts entre les réalisations et les prévisions) et à l'établissement périodique

du Trésor sont dorénavant centralisés et traités au niveau du Service des Affaires Juridiques et



Service des Affaires Juridiques et Contentieuses

Contentieuses. Cette centralisation est justifiée par la nécessité pour les directions de pouvoir recourir à une assistance juridique et contentieuse, dans les dossiers qui sont sous leur responsabilité.

Par ailleurs, un mécanisme permanent de suivi-évaluation et d'appui stratégique des départements pour la réalisation de leur performance respective est mis en place avec la création du

Service de la Programmation et du Suivi Evaluation. Cet appui concerne notamment la programmation budgétaire, la définition et le ciblage des performances à atteindre, l'exécution budgétaire, le compte rendu des réalisations et le suivi-évaluation de la performance.

Malgré le renforcement d'effectif, la DE éprouve encore un besoin en cadre spécialisé (Inspecteur du Trésor) pour certaines missions d'encadrement.

▲ Ericka RAMANANARIVO  
Tovo RANDRIAMAHALEO  
Odile RANDRIAMAROLAFY

## PERSONNEL

04 Inspecteurs du Trésor  
06 Cadres Interministériels  
02 Contrôleurs du Trésor  
11 Fonctionnaires assimilés et contractuels

## CONTACT

Adresse : Lot IBG 29 bis  
Antsahavola  
Tél : 020 22 329 76



Service de la Programmation et du Suivi Evaluation

## VAHININTSIKA

## Niry RASAMOELIMIHAMINA

## Talen'ny « Service Autonome de Maintenance de la Ville d'Antananarivo » SAMVA

Velon-taraina noho ny fako mivangongo be saika amin'ny faritra maro eto an-drenivohitra ny ankamaroan'ny mponina. Miverimberina foana ity olana ity kanefa toa tsy nahavaha olana sy miraviravy tanana hatrany ireo tompon'andraikitra nifandimby eo anivon'ny SAMVA. Izany indrindra no nisafidiananay an'Atoa Niry RASAMOELIMIHAMINA, talen'ity « Etablissement Public » ity, hitondra fanazavana.

**Gazety Tahiry :** Azonao lazaina kely ve ny momba ny SAMVA sy ny andraikitra sahaniny ?

**Niry RASAMOELIMIHAMINA :** Ny SAMVA na « Service Autonome de Maintenance de la Ville d'Antananarivo » dia « Etablissement Public », niforona 15 taona lasa. Mizara telo ny andraikitra sahaniny dia ny : (i) fandraofana ny fako sy fanariana azy eny Andralanitra, miampy ny fitantanana an'Andralanitra, (ii) ny fanaraha-maso ny fotodrafitra mahakasika ny fidiavana sy fanalana ny loto avy amin'izany, (iii) ny fitantanana ny rano maloto sy ny ranonorana (amin'ny faritra miisa efatra eto an-drenivohitra).

**GT :** Saika ahitana fako mivangongo be amin'ny faritra maro eto an-drenivohitra, inona loatra no mahatonga izany ?

**NR :** Mialoha ny hamaliako izany dia tsara raha iverenana kely ny tantara. Noraisin'ny CUA an-tanana ny fanalana ny fako teto an-drenivohitra mialoha ny taona 2009. Nanomboka ny Novambra 2009, vanim-potoana nandraisako ity andraikitra ity, vao naverina tamin'ny SAMVA. Tamin'io fotoana io dia tsy nanana fiarakodia azo nampiasaina akory izahay. Noho ny ezaka natao tamin'ny vola nisy teo am-pelatanana anefa dia afaka namelona fiara vaventy miisa sivy izahay, ny taona 2009. Ireo fiara vaventy ireo niampy roapolo avy amin'ny mpiara-miombonantoka no niasana hatramin'ny taona 2010 hany ka voaraoka aradalana avokoa ny fako tamin'izany fotoana izany.

Ny volana septambra 2011, noho ny fahanteran'ny fiara nampiasaina niampy ny tsy fahampian'ny vola niditra anefa dia nanomboka nisedra olana ny SAMVA. Vokany, fiara vaventy miisa telo (an'ny CUA) miampy roambinifolo an'ny mpiaramiombonantoka, sisa no azo nampiasaina. Manginy fotsiny ny fitadiavana vola nividianana solika izay manodidina ny 1 700 hatramin'ny 2 000 litatra isan'andro, hampandehanana ireo. Nanomboka teo dia tsy voala araka ny tokony ho izy intsony ny fako.

**GT :** Misy ifandraisany amin'ny fahasahiranana ve ny



Atoa Niry RASAMOELIMIHAMINA, Talen'ny SAMVA

**ifandraisana ara-pitantanana amin'ireo antokon-draharahampanjakana mpiahy, toy ny CUA sy ireo Ministera isan-tokony ?**

**NR :** Ny hetra azo avy amin'ny fako na ny « Redevance sur les Ordures Ménagères » (ROM) no anisan'ny ivelomanany. Tsy mandoa izany ny tena kanefa izy no tena be fako sy mandany vola be indrindra. Inefatra miverina eo ny fiarabe vao mahaisotra ny fako avy amin'izy ireny. Mitotaly 4 miliara ariary ny tetibolanay ny taona 2011 ka 23 %-n'izany no azonay avy amin'ny ROM. Kely dia kely mihitsy io hetra io ka tsy nahafahanay nanao zavatra goavana. Tsy nahafahana nihetsika koa ny vola miditra satria ny karaman'ny mpiasa tsy maintsy naloa, ny solika entina hampandehanana ireo fiara vaventy tsy maintsy tadiavana (manodidina ny 150 tapitrisa ariary isam-bolana). Raha eo anivon'ny JIRAMA kosa dia nahazo hetra handrindrana ny rano maloto hatrany izahay. Fantatray tsara ny faktorian'ny JIRAMA hany ka fantatray tsara koa ny hetra tokony ho azonay any aminy. Heverinay fa mety tsara io fifanarahana io ka tokony hatao mitovy amin'izany ny amin'ny CUA.

**GT :** Ny fampandehandrahaha ato amin'ny SAMVA

**sy ny sata mifehy amin'ny maha « Etablissement Public » anareo : Ahoana ny momba izany ?**

**NR :** Tsy olana ho an'ny SAMVA ny sata mifehy azy, raha ny fijeriko azy. Ny rafi-pandaminana amin'ny fizarana ny andraikitra ny CUA sy ireo Ministera mpiahy no tokony hamboarina kely.

